RIJANTENY FOTOTRA
MPIROTSAKA AN-TSITRAPO EO ANIVON'NY KAOMININA AMIN'NY SEHATRY NY FANABEAZANA FOTOTRA

1. Fampidirana

Hatramin'ny nahazoan'i Madagasikara fahaleovantena dia tsy mitsaha-milentika ao anatin'ny fahantrana ny vahoaka malagasy. Miha-mitombo ny fahasahiranan'ny tokantrano ka tena manakana ny fidiran' ny ankizy an-tsekoly : antony iray lehibe mahatonga ny fialana an-tsekoly mantsy ny tsy fahampian' ny enti-manana ao an-tokantrano. Tamin' ny taona 2018, 53% monja ny ankizy avy amin'ny fianakaviana marefo no mianatra any an-tsekoly ambaratonga fototra raha toa ka 97% izany ho an' ny fianakaviana manankatao. Miandrandra fanampiana avy amin' ny fanjakana ny tokantrano marefo mba hanarenana izany saingy mbola tsy ampy ny tetibola natokana ho an'ny fanabeazana. Araka izany, dia laharam-pahamehana tanteraka ny fangaraharana sy ny fampiasana tsara ireo enti-manana kely eny anivon ' ny sekoly, miampy ny firaisankinan' ireo mpiantsehatra amin' ny fanetsiketsehana ny enti-manana manokana. Izany dia mampihena ny kolikoly sy ny fanodinkodinam-bola izay manalefaka ny fiantraikan'ny fahantrana isantokantrano sy ny tsy fahampian' ny tetibolam-panjakana. Tena ilaina ny fandraisan'andraikitra maharitra ataon'ny ray aman-dreny/fiaraha-monina ary OSC eny ifotony amin'ny fanaraha-maso sy fizohiana izany mangarahara izany manoloana ny tsy fahatomombanan'ny fanaraha-maso anatiny eo anivon' ny minisiteran' ny Fanabeazam-pirenena.

Izany indrindra no nahatonga ny tetikasa SCORE hametraka « ny fanamafisana ny fandraisana andraikitry ny olompirenena amin'ny fampanjakana ny fangaraharana eo amin'ny fitantanana sy ny fampiasana ny entimanana mba ahafahan'ny ankizy (lahy sy vavy), indrindra ireo ankizy tena marefo hisitraka fanabeazana fototra tsara kalitao » ho tanjona.

Mba hahatrarana izany eo amin'ny rafitra isan'ambaratonga, ny tetikasa SCORE dia hiara-hiasa amin'ireo mpilatsaka an-tsitrapo eny anivon'ny KAOMININA iasàny antsoina hoe –TAK na Tompon'Andraikitra eo anivon'ny Kaominina

2. Tanjon'ny TAK

Ny TAK izay eo ambany fitarihan'ny tompon'andraikitra eny anivon'ny Distrika na TAD, dia mandray anjara amin'ny fanamafisana ny tamberinandraikitra sy ny mangaraharahanatsarana ny fanabeazana eny ifotony. Amin'izany izy dia mikendry manokana ny :

- Hahazoan'ny rehetra ny mahazava-dehibe ny anjara toeran'ny FEFFI eo amin'ny sehatry ny fanatsarana ny fanabeazana ka hahatonga azy ireo hiara-hisalahy aminy
- Handraisan'ny mpisehatra rehetra, indrindra ny OSC, amin'ny fanatsarana ny fanabeazana amin'ny alalan'ny fizohiana sy ny fanarahamaso ataon'izy ireo

- Hanamafy orina ny mpisehatra eo amin'ny fanabeazana (FEFFI, klioba MITAFA, OSC, …) ahafahan'ireo ankizilahy sy ankizivavy indrindra ireo tena sahirana sy ireo manana fahasembanana, hisitraka ny fanabeazana fototra tsara kalitao

- Hahombiazan'ny MEK amin'ny tantsoroka ataony amin'ireo mpisehatra eo amin'ny fanabeazana fototra

3. Vokatra andrasana amin'ny TAK

Aorian'ny tantsoroka ataon'ny TAK dia :

- Miroborobo ny fiaraha-miasan'ny FEFFI amin'ireo mpisehatra, indrindra ny OSC eny ifotony, amin'ny fampanjakana ny mangarahara sy amin'ny fandraisana andraikitra ho fanatsarana ny fanabeazana
- Tontosa ny fizohiana sy fanarahamaso ny fanabeazana fototra ataon'ny OSC
- Mivondrona amin'ny fanatontosana ireo asa fanatsarana sy haitaky, indrindra izay mamaly ny fampiatiana sy filàna manokan'ireo ankizy tena marefo, entina hampivoarana ny sehatry ny fanabeazana ny OSC sy ny FEFFI ary ny Klioba MITAFA
- Miara-miasa amin'ny fanatanterahana ny drafitrasa nifanarahana hanatsarana ny fanabeazana fototra eny anivon'ny sekoly, ireo mpisehatry ny fanabeazana
- Mahafehy ny tantsoroka ataony amin'ny FEFFI, ary ny OSC eny ifotony ny MEK
- Manaraka ny fenitra takiana ireo vokatra avy any amin'ny MEK akarina eny amin'ny TAD
- Mizotra tsara ny serasera eo amin'ny PF/TAD sy ny TAK andaniny, ny TAK sy ny MEK ankilany

4. Ny fotoana iasan'ny TAK

Ny TAK dia manao ny asa firotsahana an-tsitrapo manomboka ny volana Martsa hatramin'ny volana Desambra 2025.

5. Ny iraka sy andraikitry ny TAK

Ny TAK no mitarika ireo mpisehatra sy OSC amin'ny fanatanterahana ny asa fanatsarana ny fanabeazana eny anivon'ny Kaominina :

- Misolo tena ny tetikasa SCORE eny anivon'ny Kaominina
- Mitarika ny fanatanterahana ny tetikasa SCORE eny anivon'ny Kaominina
- Manetsika sy mampiroborobo ny fiaraha-miasa amin'ireo mpisehatry ny fanabeazana eny anivon'ny Kaominina.
- Manao fizohiana ny fiaraha-miasa amin'ireo haino aman-jery
- Mandrindra sy mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny fizohiana sy fanarahamaso atao eny anivon'ny Kaominina sy sekoly
- Manamarina ny antotan-taratasy na tatitra avy any amin'ny MEK ary mampita izany any amin'ny ekipa rezionaly sy/na nasionalin'ny tetikasa SCORE

- Mandray anjara amin'ny fanapariahana ny vokatry ny fanaraha-maso
- Manangona sy mizara ny antotam-baovao mahakasika ny tontolon'ny fanabeazana (FEFFI, STD, klioba MITAFA, OSC, sns.)

- Manao tantsoroka ireo mpisehatra eny anivon'ny Kaominina amin'ny fanatanterahana ny drafitrasa niarahana nanangana taorian'ny fanapariahana ny vokatry ny fanarahamaso
- Manome tantsoroka ny MEK amin'ny fanatanterahany ny andraikiny
- Mandray anjara amin'ny fanentanana ny olom-pirenena hitoroka ireo tranga mamohetra hita eny amin'ny sehatry ny fanabeazana amin'ny alalan'ny fiantsoana ny laharana maitso, an-taratasy, mailaka, tambajotran-tserasera, …
- Mandray anjara amin'ny fivoriana fandrindrana sy ny fanofanana ary atrikasa karakarain'ny tetikasa SCORE.
- Manangona sy mampita ireo antotam-baovao eny anivon'ny PF na eny anivon'ny TAD

6. Fepetra takiana ho an' ireo vonona hirotsaka antsitrapo ho TAK

Ny TAK dia **mpirotsaka an-tsitrapo**, mahafeno ireto fepetra ireto :

- Mpitarika eny anivon'ny fiaraha-monina
- Efa nandray anjara tamin'ny fizohiana sy fanarahamaso ireo tolotra ho an'ny olom-pirenena indrindra ny fanabeazana
- Monina eo amin'ny renivohitry ny distrika iasan'ny tetikasa SCORE
- Nahavita ny kilasy Famaranana farafahakeliny;
- Tsara fitondran-tena sy mahay mifandray aman'olona
- Mahafehy ny NTIC (mail, Facebook, Office, sms, …)
- Manana traikefa amin'ny fitarihana, fampiofanana, adisisika ary fanaovana tantsoroka vondronolona na mpitarika eny ifotony
- Manana traikefa amin'ny fiarahana miasa amin'ny tetikasa SCORE
- Mahafantatra tsara ny olan'ny fanabeazana eo amin'ny Kaominina misy azy

Fanamarihana

- Amporisihina ny firotsahan'ny vehivavy sy ny tanora latsaky ny 35 taona.
- Manana tombony kokoa ny mpikambana atolotry ny fikambanana efa niantsehatra na vonona hiantsehatra amin'ny fanatsarana ny fanabeazana

7. Ny toerana iasan'ny TAK

Ny tetikasa SCORE II dia miasa min'ny kaominina 100. Ny TAK izay antsoina hiantsehatra kosa dia eny amin'ireto Kaominina manaraka ireto ihany :

FARITRA	DISTRIKA	KAOMININA
VATOVAVY	MANANJARY	ANKATAFANA
FITOVINANY	VOHIPENO	SAVANA
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR I	TANAMBAO
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR I	TSIMENATSE
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR I	ANKENTA
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR I	MAHAVATSE I
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR II	MITSINJO BETANIMENA
ANOSY	TAOLAGNARO	FORT DAUPHIN
ANOSY	AMBOASARY	BEHARA
ANDROY	AMBOVOMBE ANDROY	AMBONAIVO
ANDROY	TSIHOMBE	ANJAMPALY
ANDROY	BEKILY	BERAKETA
ANDROY	BEKILY	TSIRANDRANY

Fiantsoana fanehoam-pahavononana

Ho mpirotsaka antsitrapo eo anivon'ny kaominina (TAK) hampiroborobo ny fandraisana andraikitra sy fiaraha-mientan'ny olompirenena amin'ny fanatsaràna ny fanabeazana fototra

Fepetra :

- Mpikambana ao anaty fikambanana miantsehatra amin'ny fampandrosoana eo anivon'ny fiarahamonina
- Mpitarika mavitrika efa mpirotsaka antsitrapo
- Nahavita ny kilasy Famaranana farafahakeliny
- Manana traikefa amin'ny fanentanana sy fanetsehana
- Manana traikefa amin'ny fizohiana sy fanarahamaso ny tolotra ho an'ny vahoaka;
- Manana traikefa amin'ny fampiofanana sy fitarihana
- Tia mikaro-baovao sy manamarina izany ;
- Mahay mifandray sy mahafehy ny serasera mahomby ary môdely
- Afaka miaramisalahy amin'ny fokonolona ka mitondra ny hetahetan'izy ireo eo amin'ireo manampahefana isantsokajiny
- Mahafantatra tsara ny olan'ny fanabeazana eo amin'ny faritra misy azy
- Manana traikefa amin'ny fanetsehana mpianatra sy tanora

Atontan-taratasy ilaina :

- Curriculum Vitae milaza ny mombamomba (Dingam-pianarana narahina, traikefa, sns)
- Taratasy fanolorana ataon'ny fikambanana niaviany
- Taratasy fanehoam-pahavononana (lettre de motivation)

Toerana ilana TAK :

FARITRA	DISTRIKA	KAOMININA
VATOVAVY	MANANJARY	ANKATAFANA
FITOVINANY	VOHIPENO	SAVANA
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR I	TANAMBAO
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR I	TSIMENATSE
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR I	ANKENTA
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR I	MAHAVATSE I
ATSIMO ANDREFANA	TULEAR II	MITSINJO BETANIMENA
ANOSY	TAOLAGNARO	FORT DAUPHIN
ANOSY	AMBOASARY	BEHARA
ANDROY	AMBOVOMBE ANDROY	AMBONAIVO
ANDROY	TSIHOMBE	ANJAMPALY
ANDROY	BEKILY	BERAKETA
ANDROY	BEKILY	TSIRANDRANY

Suivi Citoyen par les OSC de la transparence et la Redevabilité de l'Education

Date limite de soumission : Alatsinainy 15 Avril 2025
Adresse email : scoreprojet@gmail.com
Référence : SCORE II – TAK – Anarana feno – Kaominina
Raha mila fanazavana fanampiny : antsoy maimaimpoana ny laharana maintso ny tetikasa SCORE : **032 32 031 52** na ny **034 30 818 02** na ihany koa ny **033 65 065 34**